

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LOI n° 2000 - 010**

**autorisant la ratification de l'Accord de prêt conclu le 29 Mai 2000 entre  
la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS AFRICAIN DE  
DEVELOPPEMENT relatif au financement du PROGRAMME  
D'AJUSTEMENT STRUCTUREL, Phase III ( PAS III, 1999 - 2001).**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Dans le cadre du Programme de Réformes Economiques auquel Madagascar a adhéré, le Groupe de la Banque Africaine de Développement, par l'intermédiaire du Fonds Africain de Développement (FAD), a accepté de financer le Programme d'Ajustement Structurel, pour un montant de 16 Millions UC, à titre de prêt, afin de permettre la réalisation des objectifs retenus.

L'Accord de prêt y afférent a été conclu à ABIDJAN, le 29 mai 2000. Le présent financement fait suite aux deux programmes d'ajustement structurel cofinancés par le Fonds Africain de Développement et couvrant respectivement les périodes 1988 - 91, et 1996 - 98, à travers le PAS I, approuvé en 1988, et le PAS II, approuvé en 1997.

**I - OBJECTIFS**

Le prêt proposé est destiné à appuyer le Programme d'Ajustement Structurel du Gouvernement, défini dans le Document Cadre de Politique Economique, 1997 - 2001, et dans la Lettre de Politique de Développement, en date du 1<sup>er</sup> avril 1999.

De manière globale, le Programme vise la création des conditions pour une croissance forte et durable, afin de lutter efficacement contre la pauvreté.

**II - DESCRIPTION DU PROGRAMME**

**1 - COMPOSANTES**

Les principales composantes du programme sont :

- (i) l'appui au processus participatif d'élaboration d'une stratégie de réduction de la pauvreté, y compris le développement de la capacité technique,
- (ii) l'amélioration de la gouvernance et l'appui institutionnel pour promouvoir le développement du secteur privé,
- (iii) le soutien financier à la balance des paiements pour contribuer à la réalisation de la stabilité macro-économique.

## **2 - EXECUTION DU PROGRAMME**

L'exécution du programme sera supervisée par un comité directeur présidé par le Premier Ministre comprenant les Ministres chargés des questions économiques et le Gouverneur de la Banque Centrale.

Le comité est assisté par le Secrétariat Technique à l'Ajustement (STA), chargé de suivre le programme de réformes économiques, principalement les indicateurs macro-économiques, de coordonner les activités de tous les organismes participant au processus d'ajustement et de les tenir informés, et de préparer des campagnes d'information sur le programme d'ajustement à l'intention du public.

## **3 - ZONE DU PROGRAMME**

Les activités du programme seront réalisées sur l'ensemble du territoire national.

## **III - FINANCEMENT DU PROGRAMME**

Sur la période 1999 - 2001, les besoins de financement du programme sont estimés à 1.751,9 Millions UC dont :

- 111, 14 Millions UC en 1999,
- 337,6 Millions UC en 2000,
- et 302,9 Millions UC en 2001.

Le Fonds Africain de Développement contribue au financement du Programme, par l'octroi d'un prêt d'un montant de 16 Millions UC.

#### **IV- CONDITIONS FINANCIERES**

Le PAS III est assorti des conditions habituelles du FAD, à savoir :

- **Durée de remboursement :** CINQUANTE ( 50) ans y compris un différé d'amortissement de DIX (10) ans
- **Remboursement Principal :** du
  - 1% du principal par an, pour les 10 premières années de remboursement.
  - 3% du principal par an pour le reste.
- **Commission de service :** 0 ,75% par an, sur le montant du prêt décaissé et non remboursé
- **Commission d'engagement :** 0,50% sur le montant du Prêt non décaissé et non remboursé, commençant à courir 120 jours après la signature de l'Accord de Prêt.

Le Principal du Prêt, la commission de service et la commission d'engagement seront payables les 1<sup>er</sup> AVRIL et 1<sup>er</sup> OCTOBRE de chaque année.

Aux termes de l'Article 82, § VIII de la Constitution : « La ratification ou l'approbation de traités... ou accords... qui engagent les finances de l'État... doit être autorisée par la loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LOI n° 2000 - 010**

**autorisant la ratification de l'Accord de prêt conclu le 29 Mai 2000 entre  
la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS AFRICAIN DE  
DEVELOPPEMENT relatif au financement du PROGRAMME  
D'AJUSTEMENT STRUCTUREL, Phase III ( PAS III, 1999 - 2001)**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 28 juillet 2000 la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** : Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 29 Mai 2000 entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT relatif au financement du PROGRAMME D'AJUSTEMENT STRUCTUREL, Phase III (PAS III, 1999 - 2001), d'un montant de SEIZE MILLIONS (16.000.000) Unités de Compte (UC).

**Article 2** : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 28 juillet 2000.

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**  
**LE SECRETAIRE ,**

**ANDRIANARISOA *Ange C. F.***

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**LALANA LAHARANA FAHA 2000-010**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny 29 MAI 2000 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA sy ny TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA momba ny FANDAHARAN'ASA FANARENANA ARA-DRAFITRA, andiany Fahatelo (PAS III, 1999 - 2001).**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ao anatin'ny Fandaharan'asa Fanarenana ara-toe-karena izay nirotsahan'i Madagasikara, ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana, amin 'ny alàlan'ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD), dia manaiky ny hamatsy vola ny Fandaharan'asa Fanarenana Ara-drafitra, izay mitentina ENINA AMBIN'NY FOLO TAPITRISA (16.000.000)UC, vola indramina, mba ahafahana manatanteraka ny tanjona kendrena.

Ny fifanarahana Fampisamboram-bola momba izany dia voasonia tany ABIDJAN tamin'ny 29 MAI 2000.

Ity famatsiam-bola ity dia tohin'ireo fandaharan'asa roa novatsian'ny FAD vola, ho an'ny fe-potoana 1988 - 91, sy 1996 - 98, tamin'ny alàlan'ny PAS I izay nankatoaviny tamin'ny taona 1988 sy ny PAS II, nankatoavina tamin'ny taona 1997.

**I - TANJONA**

Ity vola notrosaina ity dia enti-manohana ny Fandaharan'asa Fanarenana Ara-drafitra an'ny Governemanta, araka ny namaritana azy ao amin'ny DCPE, 1999 - 2001 sy ny LPD tamin'ny 1 avrily 1999. Amin'ny ankapobeny, ity Fandaharan'asa ity dia mikendry ny hanamboatra ny fepetra ilaina ho an'ny fandrosoana mahery vaika sy maharitra mba hiadiana amin'ny fomba mahomby amin'ny fahantrana.

## **II - FILAZALAZANA NY FANDAHARAN'ASA**

### **1- SEHATRA**

Ny sehatr'asa lehibe amin'ny Fandaharan'asa dia ireto avy :

- (i) ny fanohanana ny lamina fandraisana anjara amin'ny fandrafetana ny paikady hampihenana ny fahantrana, ao anatin'izany ny fampandrosoana ny fahaiza-manao ara-teknika,
- (ii) ny fanatsarana ny fitantanana sy ny « Appui Institutionnel » mba hampiroboroboana ny sehatra tsy miankina,
- (iii) ny fanohanana ara-bola ny « Balance des paiements » mba ho fanatanterahana ny « Stabilité macro-économique ».

### **2 - FANATANTERAHANA NY FANDAHARAN'ASA**

Ny fanatanterahana ny fandaharan'asa dia ho eo ambany fitarihan'ny Komity Mpandrindra, tarihin'ny Praiministra, miaraka amin'ny Minisitra misahana ny resaka ara-ekonomika sy ny Governoran'ny Banky Foibe.

Ity Komity ity dia otronin'ny STA, izay hisahana ny fanarahana ny fandaharan'asa Fanarenana ara-ekonomika, indrindra ireo fanondroana ny fiharian-karena vaventy, handrindra ny asan'ireo vondrona mandray anjara amin'ny lamina fanarenana, sy hampahafantatra azy ireo, ary hanomana ny fampahalalam-baovao mikasika ny fanarenana ho an'ny vahoaka.

### **3 - FARITRY NY FANDAHARAN'ASA**

Ny fandaharan'asa dia ho tanterahina manerana ny firenena.

## **III - FAMATSIAM-BOLA NY FANDAHARAN'ASA**

Ho an'ny fe-potoana 1999 - 2001, ny vola ilaina ho fanatanterahana ny fandaharan'asa dia vinavinaina ho :

- 111,14 Tapitrisa UC amin'ny taona 1999
- 337,66 Tapitrisa UC amin'ny taona 2000
- ary 302,9 Tapitrisa UC amin'ny taona 2001

Ny FAD dia handray anjara amin'ny famatsiam-bola ny Fandaharan'asa amin'ny alàlan'ny fanomezana vola trosaina mitentina 16 tapitrisa UC.

## **IV - FEPETRA ARA-BOLA**

Ny fepetra amin'ny Fandaharan'asa Fanarenana (PAS III) dia ireo fepetra fampiasa mahazatra ny FAD, izany hoe :

- **Faharetan'ny famerenam-bola** : 50 taona, ao anatin'izay ny 10 taona tsy andoavana
- **Famerenana ny renivola** :
  - 1% ny Renivola aloa isan-taona, mandritra ny folo taona amerenam-bola voalohany
  - 3% ny Renivola isan-taona ho an'ny sisa.
- **Tamby amin'ny fampiasam-bola** : 0,75% isan-taona, amin'ny vola nampiasaina nefa tsy voaloa.
- **Tambim-panekena** : 0,50% isan-taona , amin'ny vola tsy mbola nampiasaina sy tsy naverina, manan-kery manomboka 120 andro aorian'ny nanaovan-tsonia ny Fifanarahana.

Araka ny voalazan'ny Andininy faha-82, paragrafy VIII ao amin'ny Lâlampanorenana : «Ny fankatoavana ny fifanarahana... izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana... dia tokony omen-dâlana amin'ny alàlan'ny Lalàna ».

Izany no anton'ity Lalàna ity

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**LALANA LAHARANA FAHA 2000-010**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny 29 MAI 2000 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA sy ny TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA momba ny FANDAHARAN'ASA FANARENANA ARA-DRAFITRA, andiany Fahatelo (PAS III, 1999 - 2001).**

Nolian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana natao ny faha 28 Jolay 2000 izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany** : Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 29 MAI 2000 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA sy ny TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPAN.DROSOANA (FAD) momba ny FANDAHARAN'ASA FANARENANA ARA-DRAFITRA, Andiany Fahatelo (PAS III, 1999 - 2001) izay mitentina ENINA AMBIN'NY FOLO TAPITRISA ( 16.000.000) Unités de Compte.

**Andininy faharoa** : Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 28 jolay 2000

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**ANDRIANARISOA *Ange C. F.***

